# 365Tantara 59.Rehefa mibaiko ANDRIAMANITRA...•



# 59. Rehefa mibaiko ANDRIAMANITRA, na ny devoly aza manaiky !

Nisy ramatoa mahantra niantso an-telefonina radio kristianina iray mba hangataka fanampiana.
Tsy an'asa ny vadiny efa ho 3 taona izao, ary miha-sahirana izy ny hanome sakafo iray isan'andro an'ireto zanany 6.




Mpanao ody iray naheno ny fandaharana ka nanapa-kevitra hanao sangy ratsy azy.

Nahazo ny adiresin'ilay ramatoa izy ary niantso ireo mpiasany handeha hiantsena ho azy.

Hoy izy tamin'ireo: "Raha vao manontany ny nihavian'ireo harona ireo ilay ramatoa dia valio hoe avy amin'ny devoly".



Rehefa tonga tany amin' ilay ramatoa ry zareo dia voaray tamin' ny fifaliana sy finoana.



Noraisiny ireto harona ary nanomboka izy nampirina ireo sakafo. Ireto mpiasa, araka ny baikon'ilay mpanao ody, nanontany ilay ramatoa: " Tsy tianao ho fantatra ve ny nanome ireo sakafo ireo? "

Tamim-pahatsorana no namalian'ilay ramatoa:
"Tsy mila mahafantatra ny nanome ireo sakafo ireo aho. Rehefa mibaiko ANDRIA¬MANITRA, na ny devoly aza manaiky!".



FANANARANA: Ry sakaiza, aza manahy, hadinoy ny fahasahira¬nana izay misy anao ankehitriny. Andriamanitra miahy foana ny zanany! Raha mino koa ianao fa rehefa miara-ka aminao Andriamanitra, na dia ireo fahavalonao aza miasa hahatsara anao!